Fisian'ny tambazotra Mafia **2**
## Be ny toe-javatra mampanahy amin'ny hoavin'ny firenena

Vadin'i Mahery Lanto Manandafy **2**
## Nitory ilay vazaha nandrahona an'i Malama


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 11 oktobra 2022 Laharana 1355 Vidiny : **600 Ar**

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Kôlônely Rabe Jules, KMMR Toliara **3**
## Tsy mihemotra amin'ny ramatahoran'ny mpitondra

**Filoha Ravalomanana tany Toamasina** **2**
# Hataovy afisy amin'ny biraom-panjakana rehetra ny lisi-pifidianana



**Analamalotra Toamasina II** **2**
# Tanin'olona titré borné no nametrahana vato fototra




**Ho tapatapaka indray ny jiro** **6**
# Hiato 4 andro ny famokarana rianaratra any Andekaleka



**Marolambo faritra Atsinanana** **7**
# Be ireo mpianatra tsy tafiditra an-tsekoly noho ny fahasahiranana



**Ralibera Rajerisoa (Paramed)** **6**
### Misedra olana amin'ny tsy fandriampahalemana ny mpiasan'ny fahasalamana

**Fizahantany** **7**
### Mpizahatany alemà miisa 30 no tonga tany Toamasina

**Daka kely**



**Resy daholo izay nitondra azy, tena tsy lasa intsony ity loko laoranjy nareo ity ry Boaikely a !**

Filoha Ravalomanana tany Toamasina

# Hataovy afisy amin'ny biraom-panjakana rehetra ny lisi-pifidianana

Tontosa ny sabotsy teo tao amin'ny Magro Tanambao V ny fankalazàna ny faha20 taona ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) tao Toamasina. Tonga tany an-toerana nanatrika ny fotoana ny filoha Marc Ravalomanana sy ny birao politika nasionaly ary ireo solombavambahoaka. Vory lanona ireo mpikatroka ao amin'ny antoko TIM manerana ny faritanin'i Toamasina, izay notarihan'ny filoha lefitra nasionaly Randriantsalama Jacky sy ireo birao mitantana ny TIM ao Toamasina, tarihan'ny filohany Naina Andrianiarifera, nandrindra ny fanatontosana ny hetsika. Nandritra ny fankalazàna dia tonga avokoa ireo solonten'ny distrika mandrafitra ny faritanin'i Toamasina, izay avy any amin'ny faritra alavitra andehanana tongotra an-kilaometatra maro noho ny faharatsian'ny lalana. Tokana ny fanambaràna nataon'ireto farany nandritra ny fandraisam-pitenenana nataon'ireo mpikatroka isaky ny distrika. Mirotsaha ianao prezidà ho filoha hanavotra ny firenena, fa tena mijaly ro zahay vahoaka Malagasy ankehitriny. Tsy misy zavatra mandeha intsony eto, fa izay tian'ny fitondràna ihany no atao eto. Faly aho tena faly hoy ny filoha Marc Ravalomanana raha nandray fitenenana izy: mihaona aminareo tonga marobe mandritra ny fankalazantsika ny faha20 taona ny TIM eto Toamasina. Tsy afaka mijery fotsiny isika hoy ny filoha Ravalomanana, fa tsy maintsy mijoro, sahy hanarina ny firenena indray. Mila mailo, mailo ary miray hina amin'ny fandraisana andraikitra amin'ny fanavaozana


Ny filoha Marc Ravalomanana tany Toamasina.

tanteraka ny lisitry ny mpifidy. Notsindriany fa tokony hatao afisy nap eta-drindrina amin'ny biraom-panjakana ny rehetra ny lisi-pifidianana, ho fanajana ny mangarahara ho fantatry ny rehetra, tsy tokony ho tsiambaratelo izany lisitra izany hoy izy. Fa mbola namafisin'ny filoha Marc Ravalomanana nandritra ny fandraisam-pitenenana nataony, fa tsy ekena ny rafitry ny CENI sy HCC amin'izao endriny izao, izany hoy izy no tsy maintsy hanaovana ny fikaonandoham-pirenena handraisan'ny rehetra anjara. Fa taorian'ny fihaonana dia nisy ny fijerena miaraka an-tsary ny zavabitan'ny filoha Marc Ravalomanana sy ny antoko TIM nandritra ny fotoana nitondràny, sy ny tantaran'ny antoko Tiako i Madagasikara.

**Helisoa**

Vadin'i Mahery Lanto Manandafy

# Nitory ilay vazaha nandrahona an'i Malama

Araka ny fantatry ny rehetra dia nampidirina amponja vonjimaika eny Antanimora i Mahery Lanto Manandafy, na i Malama, mpampaneno lakolosy ao amin'ny tambazotran-tserasera miandry ny fotoana hitsaràna azy. Vazaha no nitory an'i Mahery Lanto Manandafy, noho ny resaka nolazaina, fa fanalam-baràka natao taminy tao amin'ny tambazotran-tserasera ho mamatsy basy dahalo. Araka ny nambaran'ny vadin'i Mahery Lanto dia


Ny vadin'i Mahery Lanto Manandafy, na i Malama

nisy ny fandrahonana ho faty nataon'ilay vazaha ny vadiny tao amin'ny BC Anosy. Noho izany dia nandeha nametraka fitoriana ny vadin'i Mahery Lanto Manandafy omaly nefa tsy noraisin'ny teo anivon'ny BC Anosy (Polisim- pirenena) ny fitoriana, fa nasain' izy ireo napetraka eny amin'ny fitsarana. Mahagaga ihany ny zava- misy, satria raha ny fantatra hatramin'izay dia afaka mandray fitoriana hatrany ny Polisy na iza na iza mametraka izany. Saingy eto angamba vazaha ve ilay toriana dia tsy afaka noraisina, hoy ny fanontaniana hapetraky ny olona mpanaradia an'i Malama. Ny mahagaga dia tao amin'ny heloka an'habaka na Cybercriminalite ilay vazaha no nametraka ny fitoriany, nefa noraisin' ireto farany izany, izay nahatonga an'i Mahery Lanto Manandafy higadra. Misy zavatra tsy mazava izany, fa dia miandry ny tohin'ity raharaha mahakasika an'i Mahery Lanto Manandafy ity ny maro. Misy moa ny milaza fa misy resaka ambadika politika izy ity?

**Helisoa**

Analamalotra Toamasina II

# Tanin'olona titré borné no nametrahana vato fototra

Araka ny fanadihadiana lalina natao, tanin'olona titré borne, no nametrahana vato fototra tany Analamalotra Toamasina II. Ny zava-misy, ny ONG Saint Gabriel miaraka amin'ny Frera Karana dia efa resy teny amin'ny Fitsarana, fa nampiasa ny fahefana Mpanatanteraka tao anatin'izao fitondrana izao haka ny tanin'olona. Ny Minisitra rehetra nifandimby, eny fa na ireo Minisitry ny Fitsarana miisa 2 teo alohan'ny Minisitra Rakotozafy François, Mpitahiry ny Tombokasem-panjakana ankehitriny dia samy efa nitsipaka ny fangatahan'io ONG Saint Gabriel io, satria raharaha efa namoahan'ny Cour de cassation didim-pitsarana io raharaha io.

Toy izao ilay didim-pitsarana :

"cour de cassation « Chambre Civile, Commerciale et Sociale » a rendu la décision suivante (Pièce n°4)

- Casse et annule sans renvoi l'arrêt civil n°CATO-331/CIV/11 du 02 Août 2011 rendu par la Chambre civile de la Cour d'appel de Toamasina;
- Ordonne la restitution de l'amende de cassation;
- Condamne la défenderesse aux dépens ".

Efa in-4 nanao fangatahaa interpretation ilay didim-pitsarana navokan' ny Cour de cassation teny amin'ny Minisitera ny ONG Saint Gabriel, saingy nolavin'ny Minisitra foana ny fangatahany satria raharaha efa namoahan'ny Fitsarana an-tampony didy. Ilay fangatahana interprétation nataony farany no natao antsokosoko ny desambra 2021. Ny nahavarina


Ilay tany misy olana any Analamalotra Toamasina II.

tamin'izany dia lasa nivadika chambre pénal no mandinika ilay didim-pitsarana kanefa dia didim-pitsarana civile hatrany amboalohany ilay izy.

Ny arrêt dia civile kanefa lasa ny cour de cassation pénale ary chambre de cassation pénale no mijery azy. Efa nisy didim-pitsarana teo alohan'io, izay nilaza fa tsy mahefa ny cour de cassation, satria raharaha efa voatsara ilay izy.

Efa imbetsaka notsaraina teo anivon'ny cours de cassation io ady tany io kanefa dia nofohazina tampoka teo. Lasa nivadika raharaha ady heloka ilay raharaha ady madio, izany hoe lasa mampigadra. Tao anatin 'izany no nilazana indray, fa misy " olana ara materialy hono. Dia satria rehefa misy olana ara materialy, amin'ilay raharaha ady madio navadika ho raharaha ady heloka dia naverina teo anatrehan'ny cour de cassation indray, io raharaha io. Naverina notsaraina tampotampoka indray, satria nisy baiko nilatsaka avy any amin'ny Faratampony nitenenana ny Ministeran'ny Fitsarana sy nitenenana ny Premier Président an'ny cour de cassation (PPCS), nanome baiko azy fa hoe lasa omena ny Katolika indray ny tany. Noho izany, voatery notsaraina faran'izay haingana ilay raharaha, ka navadika nefa raharaha efa vita tsara teo aloha. Efa nanapaka ny Fitsarana tamin'io andro io, fa ahemotra amin'ny 04 Octobre 2022 ny raharaha, fa tsy ho tsaraina ny andron'io. Efa nosoratana tao anatin'ilay boky mirakitra ny raharaha na ny Plumitif mihintsy aza io fapahan-kevitra fanemorana io. Efa lasa nandeha nivoaka daholo ny olona no nantsoina niverina indray, ka nolazaina fa hoe misy baiko milatsaka, fa tsy maintsy tsaraina androany dia androany ihany ity raharaha ity ". Iaraha-nahita ny zavanisy taorian'izay, satria dia tonga tany Analamalotra Toamasina ny filoham-pirenena, ka teo amin'ny tanin'olona Titré Borné no nametrahany vato fototra niaraka tamin'ireo filoham-piangonana katolika. Araka ny loharanom-baovao dia tsy misy nidiran'ny resaka Katolika mihintsy io tany io tany amboalohany, fa rehefa tsy nahazo fandresena teny amin'ny Fitsarana ilay Frera Karana dia noentiny tamin'ny anaran'ny Katolika, ka izao nanaovany intervention tany amin'ny Faratampony izao hanao tsindry ny fitsarana.

Efa nanadihady tsara ve, sa nofitahan'ilay Frera Karana sy ny olona manodidina azy ny filohampirenena tamin'ity raharaha ity?

**Ny Valosoa**

## Ny Valosoa sy fakafaka

### Fisian'ny tambazotra Mafia

# Be ny toe-javatra mampanahy amin'ny hoavin'ny firenena

Inona indray no raharaha hitranga amin'ity herinandro ity eo anivon'ny fitondrana, na ireo rantsamangaika ao anatiny? Niaraha-nandre iny ny raharaha maloto izay voalaza fa mahakasika ilay solombavambahoaka vavy miara-dia sy manohana ny fitondrana. Hanao ahoana ny ho tohiny? Sanatria ve ho lasa hangina tsikelikely toy ireo raharaha maloto samihafa nitranga mahasaringotra ny ekipa, na ny olon'ny fitondrana? Tsy izany ve no tena azo raisina ho tambazotrana "mafia", ary endriny iray miseho iny tamin'ny herinandro iny? Raha izay tokoa, dia vao mainka manamafy ny fisian'ireo vondron'olona ireo ny sehatra maro samihafa eo amin'ny seha-pitantanam-pirenena, na eo anivon'ny fiaraha-monina. Izany hoe, miha-mirongatra sy miha-maro ireo tambazotra "mafià" eto amin'ny firenena amin'izao fotoana izao. Loza mitatao ho an'ny vahoaka malagasy sy indrindra ny firenena ary hanapotika azy. Zava-baovao entina sy mipoitra ao anatin'izao fitondrana izao ny zava-misy, ary mampanahy fatratra izany.

Anisan'ny resaka ahiahy izay ny momba ny rindrambaiko na "logiciel"ampisaina amin'ny fanangonana ny voka-pifidianana sy ny fanisana azy. Miha-miresaka izay ny fiarahamonim-pirenena, soa fa mbola fotoanany tsara izao. Efa nanatsidika ny lafiny sy ny momba io fitaovana io ny teto amin'ny gazety fotoana elaela izay. Re araka ny tsilian-sofina ihany mantsy ny resaka momba izany, izay nitranga tamin'ireny fotoanan'ny fifidianana teo alohan'izao hoavy izao ireny. Ankehitriny, matoa manahy mafy ny amin'io rindrambaiko io, dia misy raha fantany ao izay. Io fitaovana io izay noheverin'ny tomponandraikitra eo anivon'ny Ceni mbola hampiasaina ihany amin'ny taona 2023.

Ankoatra ny tsy fitoviam-pijery eo amin'ny mpitondra sy ny mpanohitra miampy ny fiarahamonim-pirenena, toy ny momba ny fanavaozana ny lisi-pifidianana, sy ny fanisana ny mponina mpifidy, ny lalànam-pifidianana dia mbola eo koa izany ity rindrambaiko ity, izay tena anisan'ny fototra iray lehibe antoky ny hampangarahara sy hampadio ny fifidianana. Mazava loatra raha misy ny ahiahy izay tsy ihavanana. Iaraha-mahita anefa ny fihetsika ataon'ireo olona eo anivon'ny fitondrana manoloana izany. Izany hoe be ny toe-javatra mampanahy lalina mibanjina ny hoavin'ity firenena ity. Tsy mendrika an'izany intsony anefa ny vahoaka Malagasy, sy indrindra ny sarambabem-bahoaka miady amin'ny fiainana andro aman'alina, mba ho velona.

**Sôh'son**

Ny Valosoa sy hadihady

## Politikam-pitondrana

# Tsy voaaro ary tsy voatsinjo ny hoavin'ny zaza malagasy

Lesoka lehibe amin'ny fitantanam-pirenena entin'izao fitondrana Rajoelina izao ny seha-panabeazana. Tsy misy ary tsy hita mihitsy izay politika mazava, momba ny seha-panabeazana ny tanora malagasy nataony hatramin'izay nahateo amin'ny fitondrana azy. Ny tsikaritra, dia rehefa amin'ny fotoana iray manokana misy hetsika tanora amin'ny sehatra samihafa, ka tonga eo na misy ifandraisany amin'izy ireo ny mpitondra, indrindra ny filohan'ny Repoblika, dia izay vao mody be resaka sy programa momba azy. Dia mivalona any indray ary adino izy ireo aorian'izay fihaonana izay. Toy izay ihany koa ny momba ireo zaza malagasy. Misy ny hetsika atao rehefa volana jona iadiana na anentanana ny zon'ny ankizy, dia misehoseho sy miteny eo ny mpisehatra amin'izany, dia aorian'izay mangina. Nisy fidiran'ny mpianatra tamin'iny volana septambra lasa iny, dia mody misehoseho eo ny fitondrana milaza ho manao izay hampidirana ny kilonga na ireo zatovo ihany any an-tsekoly. Mody natao ny fanampiana ara-pitaovana ny mpianatra tamin'ny sekoly sasantsasany, dia hatreo ihany. Vao nanomboka andro vitsy monja anefa dia niharihary ireo zaza tavela tsy tafiditra an-tsekoly noho ny antony samihafa, fa ny voalohany amin'izany dia ny fahasahiranana na ny fahantrana lalina manjo ireo ray aman-dreniny. Manginy fotsiny ny fahitana ireo zaza mirenireny eny andalàmbe rehetra eny sy mangataka isan'andro. Tsy mijery ary tsy misy miteny ary tsy ahitan-teny momba izany izao fitondrana be eboebo izao. Tsy misy miady ho azy ireo momba izany, ary miharihary tsara ny fahabangana lehibe eo politikam-pirenena. Izy ireo anefa no anisan'ny andry lehibe iankinan'ny hoavin'ity firenena ity any aoriana.

Eo amin'ny lafiny fitaizana ara-batana na ny ara-panatanjahantena ho an'ny zaza, ny zatovo ary ny tanora malagasy. Raha tsy hilaza afa-tsy ny eny amin'ny sehatry ny sekoly fotsiny, dia miharihary tsy takon'afenina ny fahabangana. Tsy re intsony, ohatra, na tsy malaza intsony, hafa ny taloha, ny momba ny "sport scolaire". Nisy akony lehibe teo amin'ny toetsain'izy ireo anefa izany, ary azo porofoina izany ho an'ireo voataiza amin'izany fahiny. Tsy atao hahagaga raha tsy voafehy, ka hirona amin'ny zavatra hafa ny ankizy. Anisan'izany ny tranga amin'ny fiborobaoan'ny fidorohana zava-mahadomelina mamely ny maro amin'izy ireny, ary misy ireo efa namoy ny ainy vokatry ny daozy tafahoatra. Sady tsy voaaro no tsy voatsinjo ny hoavin'ireo zanak'ity firenena ity. Alefa migorodana fotsiny manaraka izay fironana samihafa araka izay misy eo na eto an-toerana na any ivelany, dia samy manao izay saim-pantany sy heveriny hahatafavoahany amin'ny fiainany eo ny rehetra.

***Sôh'son***

Kôlônely Rabe Jules, KMMR Toliara

# Tsy mihemotra amin'ny ramatahoran'ny mpitondra

Anaovan'ny fitondrana Rajoelina ramatahora koa amin'izao fotoana ny kôlônely Rabe Jules, mpitarika ny KMMR any Toliara. Rakotra mpitandro filaminana nanao « tenue civile » nanoloana ny tranon'i kôlônely Rabe Jules, raha namory ny Jeunes KMMR distrikan'i Toliara I izy ny sabotsy teo, naka sary ny zava-nitranga teo izy ireo, hatramin'ny bus nitondra ny mpianatry ny Collège Rabe Jules, avy nanao reboisement sy excursion dia nalaina sary avokoa nefa tsy misy idiran'ny politika.

Rehefa nanontaniana izy ireo dia nilaza, fa manatanteraka ny baiko avy amin'ny lehibeny.

Aminay ilay izy hoy ny KMMR Toliara dia fampihorohoroana sy fihantsiana, satria ny « renseignements » dia tsy tahaka ireny ny fakana azy. Nanambara ny kôlônely fa : « izao fotsiny, matoa aho manohana an'i Marc Ravalomanana ary matoa nampahafantariko ny fisian'ny fivoriana ao an-tranoko dia vonona hijoro aho ary sahy satria miezaka tsy handika lalàna, tsy ny intimidation na fampitahoranareo no hampihemotra ahy, na hampihemotra ny olona manaraka ahy, tsy afeniko ny ahy ary ijoroako satria zoko izany, ka ho vizana ianareo satria ambarako anareo eto fa intelo isa-kerinandro izahay KMMR no mivory. Isanandro colonel RABE Jules, no mandray olona, ka tsara raha andefasanareo mpitandro filaminana foana eny amiko. Ny mampalahelo manjeky ny insécurité eto Toliara, tsy hitan'ny renseignements nareo zao ny mpanao ratsy, fa ny politique izay ataoko ary tsy afeniko, fa abaribariko ro manahira anareo. »

***Stefa***



*Ny kôlônely Rabe Jules.*

RANDRANA SENDIKALY

# Famonoana ny mpiasa ny karama farany ambany hahena ho 217000 Ar

Tsy azo ekena ny fikasan'ny fitondram-panjakana hamerina indray ny karama faran'ny ambany, ho an'ny mpiasa amin'ny sehatra tsy miankina, ho lasa 217000 Ar raha toa ka 250 000 Ar izany teo aloha, hoy ny Randrana Sendikaly. Nilaza Andriamatoa Rakotomanga Barson Sekretera jeneralin'ny Randrana Sendikaly, fa namoaka didim-pitondrana ny Ministeran'ny asa sy ny Ministeran'ny vola ary ny Ministeran'ny varotra sy ny Indostria, nandritra ny fivoriana « Interministeriel » nataon' ireo farany, fa hifarana amin'ny volana desambra 2022 ho avy izao ny fampiharana ny karama 250000 Ar. Nilaza ny Sekreteran'ny Randrana sendikaly, fa araka ny fehezan-dalàna mifehy ny asa ao amin 'ny andininy faha11 dia tsy azo atao ny mampihena ny karaman'ny mpiasa ary efa nanao sonia hanaja sy hametraka asa mendrika ny fitondram-panjakana, amin'ny alalan'ny fifanarahana iraisam-pirenena momba ny asa. Nanamafy izy fa tsy misy fanapahan-kevitra noraisina tamin'ny alalan'ny « Arreté », ka hanafoana ny didim-pitondrana navoakan'ny filoham-pirenena amin'ny alalan'ny « Décret », izay nametraka ny karaman'ny mpiasa faran'ny ambany ho 250000 Ar ary hitory eny amin'ny « Conseil d'Etat » ny Randrana sendikaly, mba hanafoanana an'ity fanapahan-kekvitra ity, satria mamono ny mpiasa eo amin'ny sehatra tsy miankina ity fanapahan-kekvitra ity . Nanatanteraka diabe ho fanamarihana ny andro iraisam-pirenena ho an'ny asa mendrika, izay ankalazaina isaky ny 07 Oktobra ny Randrana sendikaly ny Zoma maraina teo ary nitondra sora-baventy, sy nitaky ny famoahana ny mpisehatra sendikaly izay nampidirina am-ponja nohon'ny asa sendikaly ireto farany. Takian'ny Randrana Sendikaly ny fisian'ny asa mendrika eto Madagasikara, ao anatin'izany ny fanajana ny lalàn'ny asa (Fehezan-dalàna mifehy ny asa), ny fanavaozana ny fiahiana ara-tsosialy ho an'ny mpiasa, ny fivoizana ny fifampiresahana eo amin'ny mpiasa sy ny mpampiasa amin'ny alalan'ny « Dialogue sociale ».

***Razakambelo Franck***



*Ny diabe nataon'ny Randrana Sendikaly.*

TONONKALO

## Ny loko laoranjy

Ny loko laoranjy dia mila ovàna,
Fa efa tsy mety amin`ny eto an-tanàna.
Toa loko madera manaitra ny maso ,
Kanefa dia lokon`iretsy malaso !

Ny loko laoranjy dia mila ovàna,
Fa mampitsilopy ny fanantenana.
Raha vao ny laoranjy no hoe iakanjoana,
Dia efa miomàna fa ho resy foana .

Ny loko laoranjy dia efa fanary.
Raha vao hoe laoranjy dia resy ny tary,
Ka dinidiniho f`efa mampidi-doza
Ity `lay sokajiana ho lokon`ny foza !

Ny loko laoranjy tsy hampisy "korazy",
Fa resy daholo izay misalotra azy.
Toa tena mba loko madera jerena
Kanefa hay dia "lokon`ny faharesena" !

***TSIMIMALO (10-10-22)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Ny fankalazana ny faha-20 taonan'ny antoko TIM tany Toamasina, tao amin'ny Magro Tanambao V, natrehan'ny filoha nasiônalin'ny antoko Marc Ravalomanana.**













**Ny filoha Marc Ravalomanana, nihaona tamin'ireo tanora mpitarika ny TIM sy ny RMDM any Toamasina faritra Atsinanana.**





## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*Ary Joaba naniraka hilaza tsara any amin'i Davida ny toetry ny ady.*

***II Samoela 11 : 18***

### "Coupe de la Confédération CAF"

# Mbola lavitry ny afo ny kitay hoan'ny ekipa Malagasy

Azo ambara ilay fomba fitenenana manao hoe : "mbola lavitry ny afo ny kitay ho an'ny ekipa Malagasy" amin'ny fahatratrarana ny avo lentan'ireo ekipa mpandray anjara, amin'ny fifaninanana baolina kitra "Coupe de la Confédération CAF", raha ny fahitana ny lalao nifanandrinan'ny Elgeco Plus sy ny ekipan'ny Marumo Gallants Fc avy ao Afrika Atsimo tetsy amin'ny kianjan'i Mahamasina, tamin'ny alahady 09 oktobra 2022 lasa teo no asian-teny. Tena nandihizan'ity ekipa Afrikana Tatsimo ity izay mbola faha-14 amin'ny fifaninanampirenena any aminy tamin'ny ankapobeny ny ekipa Malagasin'ny Elgeco Plus, izay ekipa anisan'ireo avo lenta ara-teknika eto amintsika. Resy an-taniny tamin'isa 3 noho 1 ny ekipan'i Elgeco Plus nandritra an'io lalao mandroso ho an'ny dingana faharoa amin'ny «Coupe de la Confédération CAF 2022 » io. Ankoatra ny fampilalaovana tanora manana ny tanjaka ao amin'ity ekipan'ny Marumo Gallants Fc ity dia hita, fa ekipa manana traikefa avo lenta koa izy ireo ary mavitrika ihany koa amin'ny fahavononana hamono baolina. Nampo-risika azy ireo rahateo ny fanotronin'ny filohan'ity ekipa misy azy ireo ity, Abram Sello, tao Mahamasina. Ireo nampidi-baolina tetsy Mahamasina tamin'ny alahady 09 ôktôbra 2022 : Minitra faha-11 : Monde Mphambaniso (Afrika Tatsimo), Minitra faha-21 : Celimpilo Ngema tamin'ny alalan'ny Penality, Minitra faha-76 : Onjaniaina Patrick (Malagasy), Minitra faha- 89 : Lesiba William Nku (Afrikana Tatsimo). Marihana fa amin'ny sabotsy 15 ôktôbra 2022 ho avy izao, no hanatanterahana ny lalao miverina izay atao any Afrika Atsimo ao amin'ny kianja « Polokwane New Peter Mokoba Stadium », izay inoana fa mbola hanamparan-dry zareo Marumo Gallants Fc ny fahaizany milalao baolina tokoa.



*Elgeco Plus vs Marumo Gallants Fc.*

***Rainilita***

### Tsipy kanetibe tompondakan'i Madagasikara

# Mbola tompondaka indray ny ekipan'ny UBM lehilahy

Mbola tompondakan'i Madagasikara toy ny tamin'ny taona 2021 indray, ny ekipan'ny UBM sokajy sénior lehilahy ahitana an'i Tahina sy Onja ary Haja, rehefa nandresy an'i Stephano sy Robinson ary i Bruno (ABMI) tamin'ny 13-1 (1ère partie ary tamin'ny 13-9 teo amin'ny (2è partie). Teo amin'ny Séniors Dames kosa i Hasina/ Judicaëlle/ Mireille (BIC), no tompondaka rehefa nandresy 13-12 an'i Juliette sy Nivo ary Haingo (BIC). Sokajy "Jeunes » Hasina/ Mahandry/ Kiady (PAC ), no tafavoaka ho tompondaka rehefa nandresy an'i Mampandry sy Christian ary Antoine (PAC) ihany koa tamin'ny 13-9. Ary teo amin'ny sokajy "Vétérans" dia i Daniel/ Célestin/ José (BIC), no tompondaka rehefa nandresy 13-02 an'i Modeste sy Marius ary i Solo. Nandritra ny 3 andro (zoma 7, sabotsy 8 ary alahady 9 ôktôbra 2022) teny amin'ny kianja "Boulodrôme Pac Ampitatafika", no nanatanterahana an'ity "championnat de Madagascar 2022" ity, ka mpilalao nahatratra 191 isa avy amin'ny ligin'ny Fsbm miisa 8, no nandray anjara tamin'ny fifaninanana. Ankoatra ny amboara kalisy sy medaly azon'ireo tompondaka senior lehilahy dia mbola nahazo lelavola 3.000.000 Ar sy ny moto Kymco 125 cc koa izy ireo ary tapakila sy fampiantranoana 4 andro any Nosy- Be, hahazoana miatrika ny fifaninanana "Grand Open de Nosy Be", ho tontosaina amin'ny 3 sy 4 desambra 2022 ho avy izao. Hiaraka amin'izy ireo amin'izany ihany koa ny ekipa tompondaka lefitra (ABMI) sy ireo ekipa tafita teo amin'ny ankatoky ny famaranana dia ny CBT (Eric/Rindra/Vonjy), sy ny BIC (Lova/Hariliva/Jean Jaques).


*Famaranana Sénior lehilahy teny Ampitatafika.*

***Rainilita***

### « Basket 3x3 workshop 2022"

# Tamin'ny alahady ny famaranana lalao fampiharana



*« Basket 3x3 workshop 2022" teny Ankorondrano.*

Tontosa teny amin'ny kianja mitafon'Ankorondrano tamin'ny sabotsy 8 sy alahady 09 ôktôbra 2022 teo, ny hetsika "Basket 3x3 workshop 2022", izay natomboka tamin'ny fanomezana fiofanana hoan'ireo mpilalao sy mpanazatra basikety 3x3, sy lalao basikety fampiharana, izay norantovina tamin'io fampiofanana fifampizarana traikefa io. Vokatra azo : Sokajy Vehivavy Vice champion : Double Black. Champion : The Next. Sokajy Lehilahy Vice champion : Starlet. Champion: Kingston. Marihana fa mpilalao lahy sy vavy niisa 20 avy, izay nozaraina tao anaty ekipa 5 avy ihany koa no nandray anjara tamin'ity hetsika ity, ka ho fantatra tsy ho ela izay voafidy handrafitra ny ekipam-pirenena 3x3 Malagasy, hiatrika ny fifaninanam-pirenena.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Lelanomby sy petit pois indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Atao saosy amin'ny tongolo sy voatabia izany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Antandrokomby any amin'ny distrikan'Anosibe An'Ala faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'Antandrokomby any amin'ny distrikan'Anosibe An'Ala faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Antandrokomby ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 9 mandrafitra ny distrikan'Anosibe An'Ala. Toy ny renivohitry njy distrika, mitoka-monina ihany koa ity tanàna ity  noho ny faharatsian'ny lalana. Vokatra any ny vary, ny voankazo isan-karazany, toy ny akondro, ny manga ny letchi. Ny haninkotrana toy ny mangahazo sy katsaka. Vokatra any koa ny kafe.



### « Camp de basketball pour les jeunes »

# Nigadona eto Madagasikara ireo mpandray anjara

Nigadona eto Madagasikara ireo mpilalao mpandra anjara avy amin'ireo Firenena miisa 19 aty Afrika, han dray anjara amin'ny hetsika taranja basikety "Fiba Afric Regional Youth Camp". Marihana fa ho tontosaina et Antananarivo Madagasikara hanomboka anio talata 11 ka hatramin'ny alakamisy13 ôktôbra 2022 ho avy iza izany "Camp" izany, izay hiarahana amin'ny FIB Afrique sy NBA.

***Rainilit***


*Fahatongavan'ireo mpandray anjara teny Ivato.*

HO TAPATAPAKA INDRAY NY JIRO

## Hiato 4 andro ny famokarana rianaratra any Andekaleka

Araka ny vaovao nampitain'ny avy ao amin'ny orinasa Jirama, hitsahatra mandritra ny efarana, ny famokarana rianaratra (courant electrique) any Andekaleka distrikan'i Brickaville faritra Atsinanana. Hiato tanteraka izany famokarana rianaratra izany, hanomboka ny zoma 14 Oktobra 2022 izao amin' ny 10 ora alina, ka tsy hiverina raha tsy ny talata 18 Oktobra 2022 amin'ny 5 ora maraina, noho ny asa fanamboarana hahafahana mampifandray ny vondrona mpamokatra rianaratra faha4 amin'ireo vondrona hafa, ka hampakatra ny tanjaka vokarina hatramin'ny 120 MW. Tsy maintsy hisy ny fahatapahan-jiro mifandimby amin' ny tambazotra iraisan'Antananarivo mandritra io fotoana io, izay efa misy lamina manokana mikasika izany araka ny fanambarana. Noho izay antony izay, tsy maintsy hisy ny delestazy hifandimby amin'ny tambazotra iraisan'Antananarivo, hisy fikorontanana ihany koa ny famatsiana rano raha ny fanazavana.

***Niaina***

Ralibera Rajerisoa (Paramed)

## Misedra olana amin'ny tsy fandriampahalemana ny mpiasan'ny fahasalamana



*Ralibera Rajerisoa, filohan'ny Paramed.*

Manaitra ny manam-pahefana manoloana ny fisian'ny tsy fandriampahalemana manjo ny « Sage femme » sy ny « Infirmier », any amin'ny toerana iasan'izy ireo, no anton'ny hetsika « Journée de solidarité », izay nataon'ny mpiasan'ny fahasalamana ny zoma lasa teo. Nilaza Andriamatoa Rajerisoa Ralibera filohan'ny Paramed, fa naratra sy rava fananana ireo mpikambana ao amin'ny « Paramedicaux » iharan'ny fanafihan-jiolahy sy ny fanafihan-dahalo any amin'ny faritra ary ho fanehoana ny firaisankinan'ny mpiasan'ny fahasalamana manoloana ny zava-misy, no anton'ny hetsika. Nanamafy ny filohan'ny « Paramed», fa tokony handray ny andraikiny ny mpanapa-kevitra manoloana ny firongatry ny tsy fandriampahalemana, satria araka ny lalàna 2003-011 Andininy faha 6 mifehy ny asampanjakana dia andraikitry ny fitondram-panjakana, no miantoka ny fandriampahalemana ho an'ny mpiasam-panjakana alefa manatanteraka ny asampanjakana eny anivon'ny fiaraha-monina. Marihina fa tsy misy idiran'ny fitokonana ny « Jounée Mondiale de solidarité », fa mandeha araka ny tokony ho izy ny fandraisana marary ataon'ny mpiasan'ny fahasalamana teny anivon'ny toeram-pitsaboana nanerana ny nosy nandritra ny hetsika.

***Razakambelo Franck***

Sommet International de la Prediction Textuelle (SIPT)

## Mampiombona ny kristianina amin'ny tenin'Andriamanitra hoy ny Madagascar 3M




*Ireo mpikarakara ny SIPT.*

Sahirana ny manavaka ny teny avy amin'Andriamanitra na tsia, ny Kristianina ankehitriny ary mandiso fanantenana sy miteraka hakiviana amin'ny fanompoana ny tsy fananan'ny Kristianina fahalalana momba an'Andriamanitra. Hotanterahina etsy amin'ny « Espace Les Colonnades » By pass ny 02 Novambra 2022, ka hatramin'ny 05 Novambra 2022 ho avy izao, ny fihaonambe « Sommet international de la prédiction textuelle (SIPT) » andiany fahatelo, izay karakarain'ny fikambanana « Madagascar 3M ». Hetsika izay handraisan'ireo mpampianatra sy Teôlôjianina sangany eo amin' ny tontolo Evanjelika avy amin'ny firenena maro samihafa anjara, hanasana manokana ireo mpitondra fiangonana, ny mpampianatra ny Soratra masina, ny mpiandraikitra sampana, ny olon-tsotra, sns… ka ny toriteny mamelatra ny hevitry ny Baiboly, izay avy amin'Andriamanitra no tanjon'ny fanofanana. Nilaza Andriamatoa Ravoahangy Faly, filohan'ny « Madagascar 3M », fa ny tenin' Andriamanitra irery ihany no ivon'ny toriteny ary ny toriteny mamelatra ny hevitry ny Baiboly dia miainga avy amin'ny Soratra masina no sady hazavaina araka ny ho didiny ao anatin'ny boky, ao anatin'ny tantarany, ao anatin'ny kolontsaina noratana azy. Nanambara izy, fa ny lohahevitra hoentina hanamarihana an'ity fihaonambe andiany fahatelo ity dia « Ny teny fanambarana », izay manasongadina ny fomba amantarana ny fanambarana iray na avy amin'Andriamanitra na tsia ary tsy hiala ao amin'ny Baiboly ny mpiofana hahafahana manazava an'izany . Ny fikambanana Madagascar 3M dia orinasa Kristianina miara-miasa amin'ny fiangonana sy fikambanana Kristianina mijoro amin'ny filazantsara marina an'i Jesosy, mba hanofana ny olona eo amin'ny sehatra fanompoana ary tsy mifidy anaram-piangonana ity rafitra ity.

***Razakambelo Franck***

Ccoi Handball Mahajanga 2022

## Ekipa lehilahy 10 sy vehivavy 9 no handray anjara

Ekipa lehilahy miisa 10 sy vehivavy 9 avy amin'ny firenena 4 aty amin'ny Ranomasimbe Indiana (Madagasikara, Mayotte, Comores ary La Réunion), no handray anjara amin'ny fifaninanana Handball "CCOI 2022", ho tanterahana any Mahajanga amin'ny faha-15, ka hatramin'ny 23 oktobra 2022 ho avy. Sokajy lehilahy : - CH COMBANI (Mayotte), - ASC TSINGONI (Mayotte), - TCHANGA HB (Mayotte), - KAZAMPASSANI (Comores), - LIBERTE HB (Comores), - SAINT-PIERRE HBC (Réunion), - CHATEAU MORANGE (Réunion), - ASCO Tuléar (Madagascar), - COSFA Antananarivo (Madagascar), - CHBF Fianarantsoa (Madagascar). Sokajy vehivavy : - ASC TSINGONI (Mayotte), - CH COMBANI (Mayotte), - HC SELECT (Mayotte), - SOLIDARITE (Comores), - DJAKASS (Comores), - HBF SAINT-DENIS (Réunion), - LE PORT HB (Réunion), - MY-SAH HBC Ambatomirahavavy (Madagascar), - THBC Antananarivo (Madagascar).

***Rainilita***

Rotary Club International

## Nanampy ny Akany Tsimoka Anosiavaratra

Amin'izao fiandohan 'ny taom- pianarana 2022-2023 izao, dia tsy vitsy ireo ray aman-dreny, no mbola sahirana ny amin'ny fikarakarana ireo zanaka momba ny ara-pitaovana, ara-tsakafo sy ny sara marobe isan-karazany. Misy ireo malala-tànana manampy azy ireny, ny fikambanana na vondrona samihafa, izay tsy mikely soroka manao fanomezana sahaza ireo izay sahirana, toy ny "Rotary Club International " ohatra. Tsy diso anjara mihitsy izy ireo nanolotra ny anjarany teny amin'ny Akany Tsimoka Anosiavaratra Antananarivo Avaradrano ny sabotsy lasa teo. Ny tanora mpikambana amin'ity Rotary ity no nisantatra izany, ka nanolotra vary amin'ny gony marobe, miampy fitaovam-pianarana isan-karazany, ary ny faran'ny herinandro teo, dia ireo mpikambana zokiolona no nanolotra ny anjarany: kidoro miisa 20 ary mbola nanome toky fa any aoriana kely, dia mbola hanatitra izay mety sy mahasoa ho an'ity Akany Tsimoka ity. Mpikambana maro izy ireo, notarihan'ny filohany Ramatoa Ramamonjisoa Solange, no tonga teny an-toerana ary niara -nikorana nandihy niaraka tamin'ireo ankizy, ka nahafaly ny talen' ny akany Andriamatoa Ramanantsalama Roger mivady, sy ireo mpanabe samihafa. Mbola nanamafy ity fikambanana mpanao asa soa ity, fa rehefa misy andro malaza dia vonona hatrany izy ireo manampy sy manohana izany.

***Beharo***



*Ankizy tezaina ao amin'ny Akany Tsimoka Anosiavaratra, anisan'ny nahazo fanampiana tamin'ny Rotary Club International.*

Antoko mpihira Ampifitia

## Fitokanana trano fiangonana no nanamarihana ny faha-20 taona

Vola mitentina 190 tapitrisa Ar no teti-bidin'ny asa fanorenana trano fiangonana FJKM Antohibe vavolombelon'ny fitiavana Ambohidratrimo, ho fanamarihana ny faha20 taona nitsanganan'ny antoko mpihira Ampifitia (Antoko mpihira fifohazana Isotry fitiavana). Nilaza i Andrimatoa Rakotonirina Andrianantenaina Jean de Dieu filohan'ny tarika Ampifitia, fa hanatanteraka rindran-kira ara-pilazantsara mitondra ny lohateny hoe « Fanompoam-piderana lehibe en live » ireto farany, izay hatao etsy amin'ny Kianja maintso Antsahamanitra ny Alahady 16 Oktobra 2022 ho avy izao hanomboka amin'ny 2 ora tolakandro, ka ny vola azo avy amin'ny hetsika dia hanohanana ny asa fanorenana Fjkm Antohibe Ambohidratrimo. Ankoatra izany, nilaza ny filohan'ny tarika Ampifitia, fa namoaka raki-tsary vaovao miisa 2, izay mitondra ny lohateny hoe: « Vadiko tiako » sy « Mahafinaritra anay loatra » ny tarika ary ny tenin'Andriamanitra ao amin'ny Salamo 34:1 manao hoe: « Hisaotra an'i Jéhovah aho, ho eo ambavako mandrakariva ny fiderana Azy », no teny faneva entina hanamarihana ny fankalazana ny faha20 taona nijoroany. Nanamafy Andriamatoa Rakotonirina Jean de Dieu, fa betsaka ireo hetsika hotanterahin'ny antoko mpihira Ampifitia mandritra ny taona 2023, ao anatin'izany ny famoahana raki-kira sy raki-tsary ara-pilazantsara, ny fanomanana tafika masina any amin'ny faritany, ny fanatanterahana rindran-kira ara-pilazantsara, ny fanomanana fanompoam-pivavahana maro samihafa. Tsiahivina fa efa nosokafana tamin'ny fomba ofisialy ny Alahady 30 Janoary 2022 lasa teo, ny hetsika fankalazana ny faha20 taonan'ny tarika ary vinavinaina hotokanana amin'ny sabotsy 14 Oktobra 2023 ny trano fiangonana Antohibe vavolombelon'ny fitiavana Ambohidratrimo, ho tsangam-baton'ny fankalazana.

***Razakambelo Franck***



*Solontena avy amin'ny tarika Ampifitia.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 08/10/2022 hatramin'ny 15/10/2022**

**- METROPOLE** (Antaninarenina) 020 22 200 25/020 22 675 22/033 15 200 25/032 07 101 71

**- GISELE** (Ambodivonikely Anosivavaka Ambohimanarina) 020 23 617 59/034 10 302 42

**- ANDRAVOAHANGY** (Andravoahangy près Epi d'or) 020 22 245 12/034 30 245 45

**- MIARO** (Galerie ARO Ampefiloha) 020 22 621 18 / 032 05 224 32

**- OCEAN INDIEN** (Analakely avenue de l'indépendance) 034 05 224 70 / 032 11 224 70 / 033 05 224 70

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1355-10-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**Fizahantany**

# Mpizahatany alemà miisa 30 no tonga tany Toamasina

Manomboka miarin-doha amin'izao fotoana ny resaka fizahantany any Toamasina faritra Atsinanana. Mpizahatany alemà VIP miisa 30, no tonga tany Toamasina ny sabotsy teo. Naharitra 3 andro ny fivahinianan'izy ireo tany amin'ny faritra Atsinanana. Nanofa fiaramanidina manokana Charter ireto mpizahatany alemà ireto tamin'ny fahatongavany teto amintsika, nanofa lamasinina manokana koa nahafahany nitsidika sy nankafy ny zava-boahary any Toamasina sy ny manodidina, toy ny tany amin'ny Akanin'ny Nofy, ny Lakandranon'i Pangalana, tany Mahavelona Foulpointe,… Tompon'antoka tamin'ny fahatongavan'ireto mpizahatany vahiny ireto ny Ariane Tourism Group, tarihan-dRamatoa Eliane Andrianjatovo, izay mankalaza ny faha-22 taona nijoroany ihany koa amin'ity taona 2022 ity. Nanambara koa Ramatoa Eliane Andrianjatovo, fa hanomboka amin'ny 9 novambra, ka hatramin'ny volana desambra dia hisy indray ny mpizahantany alemà, izay mandeha sambo lehibe mpitondra mpizahatany, na bateau de croisière ireny, handalo any Toamasina sy ny faritra Atsinanana.

***Aly***



*Ny sasany amin'ireo mpizahatany alemà, tonga tany Toamasina.*

Marolambo faritra Atsinanana

# Be ireo mpianatra tsy tafiditra an-tsekoly noho ny fahasahiranana

Be ireo mpianatra tsy tafiditra an-tsekoly amin'izao fotoana any amin'ny distrikan'i Marolambo faritra Atsinanana, noho ny fahasahiranan'ny ray amandrenin'ny mpianatra, izany dia vokatry ny rivodoza namely teto amintsika tamin'ny fiandohan'ny taona ireny, hoy ny mpampianatra iray any an-toerana, Andriamatoa Boto Clement Christian Sylvèstre. Na eo aza ny ezaka ataon'ny mpanabe, misedra fahasahiranana koa izy ireo noho ny tsy fahampiam-pitaovana amin' ny maha-distrika saro-dalana ny distrikan'i Marolambo. Na izany na tsy izany anefa, niakatra ny voka-panadinana tany an-toerana tamin'ity taona ity, na teo amin'ny CEPE, na ny BEPC, tsara ihany koa ny voka-panadinana bakalôrea. Eo amin'ny lafiny fampandrosoana, fanirian' ny any amin'ity distrika ity ny hanaovana tara, na vato ny lalana mankany, fa tsy atao "terrassement" na lalantany ihany fa ampitoviana tantana fotsiny, nefa rehefa ho tonga ny orana dia ho potika ihany izany. Tsy misy lalana ny mampitohy ny renivohitry ny distrika amin'ireo kaominina miisa 14 hafa. Tena mitoka-monina avokoa izy ireo, satria 25 km ny kaominina farany akaiky indrindra miohatra amin'ny renivohitry ny distrika, ary ny kaominina lavitra indrindra dia any amin'ny 99 km miala an'i Marolambo. Havokavoka ara-toekarena amin'ny faritra Atsinanana anefa i Marolambo, hoy ihany ny mpanabe Boto Clement Christian Sylvèstre, satria manana harena an-kibon' ny tany ny any amin'iny faritra iny, be koa ireo vokatra any an-toerana toy ny vary,… nefa tsy tafavoaka avokoa izany noho ny tsy fisiana, na ny faharatsian-dalana. Vokatr' izany, miakatra koa ny vidin-javatra any an-toerana. Tokony hojerena akaiky koa ny resaka jiro hoy izy, satria efa ho enimbolana, izay vao niverina ny rianaratra any an-toerana, izany anefa dia miteraka fahasimban'ny fitaovana, sy tsy fahafahan'ny mponina manao ny asa samy hafa araka ny tokony ho izy.

***Stefa***




*Boto Clement Christian Sylvèstre, mpanabe avy any amin'ny distrikan'i Marolambo faritra Atsinanana.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 408**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0407)

*Mitsivalana*
- Kilao – OF
- Ara – Ala
- Mamboly
- Bibilava
- Tanora (miv)
- No – Ana
- Amboa – Zo

*Mitsangana*
- Kambana
- Iray – OM
- Lamba
- Birao
- Olona
- Alàna
- Oliva
- Fa – Atao

### TENY MIFANAPAKA N° 408




**Mitsivalana**

**1.** Nanondrotra **2.** Eritreriny (miv) – Betsaka (miv) **3.** Voankazo – Milaza fananana **4.** Olo-masina katolika (miv) – Mampisafidy **5.** Taova – Nitay karama (miv) **6.** Aretina (miv) **7.** Sarin-jazakely **8.** Tany sy fanjakana (miv) **9.** Mando (miv) – Fitsakoana **10.** Loza mitranga – Kapoka, vely (miv)

**Mitsangana**

**A.** Marika nifanenjahana **B.** Rano raraka (miv) – Milaza fananana **D.** Mivezivezy tsy ampiheverana **E.** Voankazo – Reny (miv) **F.** Matanjaka – Rahalahin'i Kaina **G.** Mpanjaka (miv) **H.** Ao amin'ny Baiboly (miv) – Fitafiana fahagola **I.** Faran-teny – Nanao fanaratsiana (miv) **J.** Dadany – Mitempo **K.** Tsirin-teny Mpanao (miv) – Zaraina amin'ny antsy (miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0407

**Mitsivalana**

**1.** Vaksiny - Ha (miv) **2.** Iny - Nalàna **3.** Nentoanao **4.** Amidy - Lao (miv) **5.** Ny - Taiza (miv) **6.** Tsidika - OM (miv) **7.** Anio (miv) - Baiko (miv) **8.** Vaovao - Ny **9.** VI - S.G **10.** Ilo - Mainty (miv)

**Mitsangana**

**A** Vinanto - Vy **B.** Mena (miv) - Sivil(y) **D.** Kininina **E.** Voadidy (miv) **F.** Inty **G.** Nao - Tsaoka (miv) **H.** Ilaozako **I.** Anay - Si **J.** Analamanga **K.** Hao - Toby

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Ny filoha Marc Ravalomanana, niaraka niombom-bavaka tamin'ireo mpino, tao amin'ny Ekar Notre Dame de Lourdes Anjoma, tany Toamasina ny alahady teo.









